

**Ny Valosoa sy hadihady**  
Ny mpandainga, ny mpangalatra, ny mpamono olona,... no tsy sahy mandray Baiboly **3**

# NY VALOSOAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro  
(Talata - Alahamisy - Jabotsy) **VAOVAO**

**Andavamamba** **6**

**Tokantrano 5 nasesin'ny jiolahy norobaina**

[www.gvalosoa.com](http://www.gvalosoa.com)

[gvalosoa@yahoo.com](mailto:gvalosoa@yahoo.com)

facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 17 janoary 2019

Laharana 862

Vidiny : 400 Ar

**Fitondran-dRajoelina sy ny HCC** **3**

## Tafintohina ny mpino

**CUA sy mpitatitra** **2**

## Misy ireo olan'ny mpitatitra voavaha avy hatrany



**FJKM ETSYMAHAMASINA** **3**

**Hikatona avokoa ny fiangonana eto Antananarivo**



**Liva KMFB** **2**

**Zanatany vaovao indray i Madagasikara**

**Tanora Tim Antsirabe** **2**

**Aoka ho avy amin'ny fototra ny kandida ben'ny tanàna sy depiote**

**Soavina Manjakandriana** **2**

**Tanimbary maro ahiana ho faty noho ny rano malotona orinasa**



**Daka kely**

**Hiñanolotra lakile fôsika indray zany nareo sy Ra-force ry Boaikely a !**

**Boriboritany faha-6 (CUA)** **7**

**Nosoloina lalana rarivato ny lalana « beton » simba**



LIVA KMFB

Zanatany vaovao indray i Madagasikara

Zanatany vaovao indray i Madagasikara. Io no fanehoan-kevitra voalohany noentiny Liva filohan'ny fikambanana KMFB taorian'ny famoahana ny valim-pifidianana navaokan'ny HCC ny talata 08 janoary 2018 lasa teo iny. Ny lanonam-pianianana ataon'i Andry Rajoelina eny Mahamasina ny Sabotsy 19 janoary 2019 ho avy izao sisa no andrasana, dia azo antoka fa ho vita ihany koa ny fifanaraham-piaraha-miasa vaovao eo amin'ny filoha malagasy sy ny filoha frantsay manamafy izany fanjanahani La Frantsa an'i Madagasikara izany (Accords de cooperations). Tsy mankahala olona na iza na iza i Liva avy amin'ny KMFB fa sarotiny kosa amin'ny fiarovana ny tanindrazany sy izay rehetra eo aminy, eo anatre-

han'ireo vahiny mpanjanaka sy mpitsetsitra ary mpanandevon'ny malagasy. Niaro sy nanohitra ny fanonganampanjakana ny taona 2009 ny KMFB. Nitolona sy naneho hevitra ny tsy hirosoana amin'ny ffidianana ny taona 2013 sy ny 2018 lasa teo, fa mba naniry kosa ny hanatanterahana ny dinika eo amin'ny samy malagasy mba handrafelana Lalampianonana iray tsara rafitra hiarovana ny tanindrazana sy ny harena ao aminy, mba tsy hisy intsony ny fivarotana tany amin'ny vahiny sy ny fitrandrahana ary ny fanondranana ny harem-pirenena malagasy. Torak'izany ihany koa ny tokony hanavahana tsara ny Sata mifehy ny teratany malagasy sy ny vahiny. Tena miantoka ny hoavin'ny firenena malagasy sy

ny taranaka faramandimby tokoa izany Lalampianonana izany raha tanteraka. Mipectraka ho nofinofy sisa anefa izany hevitra ara-politikan'i Liva sy ny KMFB izany, satria ny herin'ny vola sy ny maizina miaraka amin'ireo vahiny mpanjanaka no noterena handresy. Tsy hisy intsony eto Madagasikara izany hoe ffidianana, ka hametraka izay tena safidim-bahoaka izany tokoa. Tsy maintsy izay tian'ny vahiny hapetraka eo amin'ny fitondrana ihany foana no ho lany eo. Nanaporofo izany ny ffidianana filoham-pirenena faramany teo. Efa hita hatrany amin'ny fihiadiana voalohany sy faharoa fa hala-bato feno hosoka miampy herisetra, kanefa mbola natao bontolo ihany izany ffidianana izany. Ny malagasy rehetra sy izao

tontolo izao dia samy nahita fa Andriamatoa Marc Ravalomanana no handresy tamin'ny ffidianana iny, kanefa dia nanaovana kely tsy mba mamindro tsotra izao ny hoavin'ny malagasy iray manontolo. Resaka efa vita sy voalaminina tamin'i La frantsa izao ffidianana izao. Ireo andrimpanjakana toy ny CENI, HCC, ny Governemanta no fitaovana nenina nanatanterahana izany ka nahasahian'ny HCC namoaka tsy tahotra tsy henatra ireny valim-pifidianana feno hosoka ireny, ka nahazoan'Andriamatoa Rajoelina ny fandresena. Ho an' Andriamatoa Liva dia tsotra, tsy hanan-taranaka vanona eto ny mpamadika sy ny mpivarotra tanindrazana, satria tany masina i Madagasikara. Nangonin'Isambilo

Philippe Emile Razafimanantsoa

Ho entina eny Alasora ny nofo mangatsikany



Théos, anisan'ny mpiaramiasa akaiky tamin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

Misaona ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana fa nodimandry tany Paris ny 7 janoary lasa teo i Théos, na Philippe Emile Razafimanantsoa, nanorina ny fikambanana MCM Mouvement des Citoyens Paris Madagascar. Fikambanana nivony ny tolon'ny vahoaka Malagasy nanohitra ny fanonganampanjakana ny taona 2009 ny

MCM. Tsy ny tenany manokana no nampiasainy tamin'izany fa teo ihany koa ny fampiasana ny fitaovantserasera toy ny facebook sy ny Siteweb ary ny fanampiany ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Tonga teto an-tanindrazana androany tamin'ny 3 ora marainina teo ny nofo mangatsikany i Théos ary ho entina eny amin'ny tranony ao

Alasora. Ny zoma 12 janoary kosa no hoentina ao amin'ny fiangonana FJKM Ambomanoha Alasora Betesda ny razana ary hasitrika eny amin'ny fasan-drasany ao Alasora ihany. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviana iray manontolo. Mandria ampiadanana Théos ! Helisoa

CUA sy mpitatitra

Misy ireo olan'ny mpitatitra voavaha avy hatrany

Taorian'ny fihonana fifampiarahabana tratry ny taona teo amin'ny ben'ny tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana, sy ireo matihanina eo amin'ny sehatry ny fitaterana eto an-drenivohitra ny talata lasa teo, nisy ny fivoriana niarahan'ny roa tonta natao tao amin'ny lapan'ny tanàna Analakely omaly araka ny tapaka nandritra izany, handinihana zavatra maro hanatsaràna ny fomba fiasa amin'ny fitaterana eto amin'ny renivohitr'i Madagasikara. Araka izany, nisy ny fitondran'ireo mpitatitra ny hetahetany tamin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpiaramiasa aminy, amin'ny maha mpiahy mivantana azy ireo amin'ny asa hiantso-



Ny fihonana ny ben'ny tanàna tamin'ireo mpitatitra omaly.

hany rehefa nisy ny fifampidinihana teo amin'ireo mpitatitra sy ny mpiaramiasa akaiky tamin'ny ben'ny tanàna. Fehin-kevitra maro no tapaka tamin'izany, nisy ny vahaolana azo tonga dia novahana teo no eo ihany, toy ny fanalana ireo mpivarotra amin'ny toerana fiantsonan'ny fiara mpitatitra, ny fanaovana familian-

dalana na déviation, fanohizana ny fametahana ireo take-laby famantarana, fijerena ireo toerana tena be fitohanan'ny fiarakodia... Misy kosa ireo fangatahana izay mila fanapahankevity ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo amin'ny volana febroary ho avy izao, toy ny resaka licence. Ankoatra izany, olana

goavana sedrain'ireo mpitatitra ny faharatsian'ny lalana eto Antananarivo Renivohitra. Tsy mijery fotsiny izany ny CUA fa manao izay vitany amin'ny fanapenana ny lavedavaka. Anjaran'ny minisitran'ny asa vaventy kosa no tena manamboatra izany. Koa rehefa mitsangana ny fitondrana vaovao dia hisy ny fiarahana mitaky amin'ny minisitery misahana izany ataon'ny mpitatitra sy ny kaominina. Naneho ny fahavononany hiaraka hiasa amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ireo mpitatitra, mba ho tombontsoan'ny rehetra. Hisy araka izany ny fihonana maletika ho fanatsarana sy fanatevavana izay fiaraha-miasa izay.

Isambilo

Tanora Tim Antsirabe

Aoka ho avy amin'ny fototra ny kandida ben'ny tanàna sy depiote

Mitondra ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana ny Tanora TIM any Antsirabe faritra Vakinankaratra. Ho avy indray izao ny ffidianana solombavambahoaka sy ben'ny tanàna hoy izy ireo, ka dieny izao dia efa mila miomana tsara isika: na ara-bola io, na olona, na fitaovana. Izy mientretra hirotsaka kandida amin'ny alalan'ny antoko izany dia mila mio-

mana tsara. Aoka koa hazava tsara fa mila ny fankatoavan'ireo base na fototra ny firotshahana, mba hahafahana mandresy, fa tsy sanatria olona tendritendrena indray ka hanenina eo avy eo. Tsy misorona ny Tanora TIM Antsirabe mifehy izany satria anatra ny efa lasa, ka mila mandray lesona. Momba ny raharaham-pirenena sy ny resaka ffidianana, tany masina i Mad-

gasikara hoy ny Tanora TIM Antsirabe. Avelanay ianareo hanatante- raka ny IEM hoy ihany ny fanambarana. Mian-dry izahay. Tsy nokotabainay ianareo fa izahay kosa dia tsy hame-la an'i Madagasikara ho viraviraina sy robaina raha sanatria ka kobaka am-bava ahazoa na toerana fotsiny ny velirano sy ny IEM.

Isambilo



Anisan'ny mpitarika ny Tanora TIM Antsirabe.

Ny Valosoa sy fakafaka

« Fanafody » tian-kano tsy tian-kano no omena ny Malagasy

Raha ambara ankehitriny fa tsindronina amin'ny vaksiny iadiana amin'ny kitrotro ireo zanaka Malagasy handritra ny volana maromaro, dia toy izany ihany koa no manjo ny firenena. « Tsindrona vaksiny » vaovao hafa indray no at-sindrona azy ankehitriny miainga avy amin'ny fanafody avy any ivelany tandrefana. Mazava loatra fa tsy hatoky izany ny olom-pirenena maro satria tsy nifampierana taminy izany.

Nanomboka tamin'ny taona 2009, no nisiana olom-bitsy, teratany malagasy sy vahiny nikotrika ny hitondra zava-baovao teto amin'ny firenena, izay nambarany ho « fanafody ». Niara-hanahita fa namorika ny vahoaka sy ny firenena izany, ka ny ngidin'ny fahantrana no nogohiny nandritra ny taona maro. Nahavarina fa afa-maina ireo olona ireo na dia nanao hadisoana bevava teto amin'ny tany sy ny fanjakana aza. Ny antony, nialohalo hatrany tao ambadika ireo "mpamatsy sy mpivarotra-panafody" iraisampirenena tarihin'ny mpanao politika maloto frantsay. Tsy nahomby ny "tsindrona vaksiny" nampihariny fitondrana tetezamita na dia nanao izay hanamafisana azy aza ireo mpiray tsikombakomba tamin'ny taona 2010. Tsy atao ho mahagaga rahateo izany satria fototra ratsy no niaingany.

Natao amboletra indray ny fanafody naporitaka teto amin'ny firenena ny taona 2014 ary "mpit-sabo vaovao" no mody napetraka hitantana ny fitsaboana. Niara-hanahita ihany koa ny tsy fahombiazany. Ny antony, ny lesona sy ny fomba fiasa teo alohany ihany no notaritahany teo nandritra ny fe-potoana niasany. Dia ireny not-sarain'ny vahoaka noheveriny ho lemena ireny no vokany.

Ankehitriny, "fanafody", heverin'ireo mitondra azy ho mahery vaika no atsidrona ny vahoaka sy ny firenena. "Fanafody" izay nanaraka lalana tsy ifanarahan'ny rehetra ny nanamboarana azy. Amboletra no ampanekena ny vahoaka handray izany tamin'ny alalan'ny fanambaran'ireo tsy toherin-teny sy mpitana "kibay fan-katoavana" fotsiny izao. Amin'ny fanaovana tian-kano tsy tian-kano ny vahoaka handritra ny dimy taona. Moa mihevitra ireo fa hahomby ny fomba fiasa atao letrezana toy izany? Ny vahoaka Malagasy tsy zaza intsony, ary ny firenena mbola manana ny hasiny. Hatramin'izany nanaovana fihetsika toy izany dia tsy nahomby fa nanapotika firenena, ary namono vahoaka, maika fa manampahefana sy mpitondra miha-taka lavitra ny fahendrena? Raha tsy "fanafody" ifanarahana sy iarahan'ny vahoaka rehetra mi-hitsy no ampisaina eto dia ho zava-poana ihany ary ho fandaniam-potoana indray. Iaraha-mitazana ny dia...

Sôh'son

PRIERE AU SACRE CŒUR. Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen. Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues. Philippe B.

Ny Valosoa sy hadihady

Ny mpandainga, ny mpangalatra, ny mpamono olona... no tsy sahy mandray Baiboly

Andro lehibe eo amin'ny tantaran'ny Firenena Malagasy ny sabotsy 19 Janoary 2019 satria hanamarika ny lalan-kizoran'ny mpitondra na hiverina amin'ny haizim-piton'ny fahotana rehetra ka vao maika hanamafy orina ny fanjakan'ny kolikoly sy hamerina ny fafy lainga hangolena ny gasy marivo salosana ary mbola hivarotra ny Tanindrazana sy ny harem-pirenena, na mba hizotra amin-tahotra an'Andriamanitra amin'ny lalana mankany amin'ny fampandrosoana marina ny Firenena sy fi-sintonana ireo vahoaka 92% hivoaka ny lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana. Raha ny kabary natao sy ny fanehoan-kevitra sasany vakiana any amin'ny tambazotran-tserasera aloha dia misy olom-bitsy izay heverina fa manohana mafy ny tsy tokony hisian'ny Baiboly sy ny Fanompoam-pivavahana amin'ny fianianana hataon'ny filohan'ny Repoblika satria efa nihodina tamin'Andriamanitra sy niaina tao anatin'ny fitiavan-tena ary nanan-karena tanontona tsy mazava tamin'ny fomba ahoana ny mpitondra vaovao. Ireo antokon'olona ireo izay zatra mandainga sy manafina ny marina amin'ny alalan'ny fahaiza-mandahatra sy fiheveran-tena ho manana ny fahalalana rehetra ka mihevitra fa tsy misy mahatakatra ny hevim-petsy entina handemen-tsaina. Tsy misy matahotra an'Andriamanitra na ny hanao ny fianianana na ny hampanankery izany, fa manana andriamanin-kafa tompoiny izay heverina fa "anti-Christ". Ny tsara indrindra dia ny hanaovan'ny filohan'ny Repoblika IV vaovao "velirano" amin'ny vahoaka satria ny fianianana dia atao eo anatrehan'Andriamanitra Andriananahary. Any

amin'ireo firenena tatsinana, tsy mino an'Andriamanitra, anisan'izany ny any Rosia, na ireo firenena efa niala tamin'ny fivavahana toa an'i Lafrantsa, no tsy mila mivavaka sy mamaky Baiboly intsony. Ny mpikambana amin'ny "franc maçonnerie" koa dia miseho ivelany ho mpivavaka kanefa voageja sy manao ny asan'i Satana eo amin'ny fiahamonina, ka tsy manana toe-panahy (état d'âme) izy rehefa misy manakantsakana azy amin'ny tombontsoa heveriny ho azy. Tsara ho fantat'izay mpitondra fa Fanilon'ny tongotra sy fanazavana ny lalan'ny olombelona ny Soratra Masina (Baiboly) satria ao no hanovozana ny fitondrantenan'ny tsirairay eo anoloan'ny mpiarabelona aminy. Ny mpandainga, ny mpangalatra, ny mpamono olona... no tsy sahy mandray Baiboly sy matahotra ny hihaona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fotoam-pivavahana. Ny fianianana atao eny amin'ny fitsarana atao izay tokony hanao izany dia tsy mitovy lenta sy hasina amin'ny fianianana atao ny olona iray hitondra Firenena. Efa tsy tambo isaina intsony ny tranga izay mivoana tanteraka amin'ny fotokevitra mifehy ny kristianisma tato anatin'ny folo taona, ka tena nanohina mafy ny maro tokoa ny fanambarana fa tsy hisy Fotoam-pivavahana ary tsy hianiana amin'ny Baiboly ny filohan'ny Repoblika vaovao satria mbola hahazo vahana hatrany izany ny asa ratsy isan-karazany izay efa mampikaikaika ny vahoaka Malagasy. Tsy sitrapon'Andriamanitra izao fa kapoka ataony satria efa mihodina Aminy ny Malagasy.

Andry Tsiavalona

Fitondran-dRajoelina sy ny HCC Tafintohina ny mpino kristiana

Nikoropaka ny tao an-dapa nanadio tena tamin'ny alalan'ny filohan'ny HCC, tamin'ny resaka tsy fampiasana ny Baiboly sy ny fanafoanana ny fotoampivavahana amin'ny fanaovana fianianana filoham-pirenena amin'ny sabotsy ho avy izao. Toa kobokoboin'ny marina, na koa nenjehan'ny eretiriny, ka lasa nanadio tena sao sanatria hanafintohina ny mpino Kristiana. Nambara mantsy fa ny lalana hono no hampiharina ary io no harahana. Na inona na inona filaza dia tsorina fa famakiana ady amin'ny mpino Kristiana tsotra izao ny zavamisy? Tohina tanteraka ny ati-panahin'ny Kristiana maro, eny fa ny tsy kristiana koa aza fa mpivavaka amin'ny finoana hafa. Ekena fa tokony harahana ny lalana, fa angaha moa rehefa tsy voasoratra ao anaty Lalam-panorenana dia tsy tokony hatao ny hidera sy hisaotra an'Andriamanitra? Hisaotra an'ilay Tompo satria izao rehetra izao dia tsy nisy raha tsy Andriamanitra no nanao azy. Tsy hoe ananatra ireo milaza ho olon-kendry sy manampahaizana isika, na mba manolo-kevitra, mba hasaoa ity firenena iombonana ity. Tsy fahadisoana ihany koa ny fanarahana ny Baiboly satria izay firenena tsy manana ny Andriamaniny dia ho very any amin'ny helo. Ny hanongotsongoana ny maty, hono, dia ny tahotry ny handevim-belona, hoy ny fitenenana Malagasy iray izay. Maro ny fanehoan-kevitra mivoaka etsy sy eroa, fa raha atao salan'isa dia ny 75%-n'ireo nohenoina dia nambarava avokoa fa ilaina ny mametraka ny fianianana ho eo am-pelatanan'Andriamanitra sady tsy mandany fotoana ny fanaovana izany no tsy mandany volabe ihany koa. Ho an'ny mpino FJKM aza amin'ny Alahady izao no hanao fotoan-dehibe hitondrana amim-bavaka ny Firenena, etsy amin'ny Kianjaben'i Mahamasina. Ny hafa koa dia hametraka ny firenena ho eo ambany fitahian'Andriamanitra isam-piangonana rehetra any. Tsy voa-soratra ao anaty Lalam-panorenana ihany koa izany. Ny fanjakana irery ihany no manao tsinontsinona izay fahendren'ny Malagasy izay, ka lasa manaotao foana. Heverina fa mbola tsy tara raha hiverina amin'ny teniny ny Fanjakana fa mbola manana fotoana tsara sady tsy mahamenatra ny manao izany, fa vao maika aza tsara orina ny fitondrana hajoro eo ambonin'ny finoana sy ilay Mpahary.

Rajaonarimpanontsana

POLITIKA

Tsy hevitra ny vahoaka Malagasy ny mbola hifamatotra amin'i La Frantsa

Nandeha be ny resaka ny amin'ny fanasana ny mpitondra frantsay sy ny solontena avy any, ho avy ho tonga eto hanatrika ny fianianana hontanterahana eny Mahamasina amin'ny sabotsy izao. Nanaitra sy nampieritritra fatratra ny maro ny hahatongavan' Nicolas Sarkozy eto amin'io fotoana io. Nidehaka ny mpanasa ny amin'ny hahatongavan' kanefa etsy ankilany tsy dia mahaliana loatra ny mpahay tantara sy mpandalina politika fa mampanahy azy indray aza izany. Ankoatra izany, resabe eny anivom-piarahamonina ny amin'ny hoe: sora-tanan'ity filoha fran-



Nicolas Sarkozy sy Emmanuel Macron.

tsy teo aloha ity no tonga teto tamin'ny fianianana natao tamin'ny taona 2014, fa amin'ity sabotsy ity izy tenany mihitsy no ho tonga amin'izany. Resaky ny vahoaka izany ary tsy hotsaraina fa ny mandinika sy mieritritra no fahendrena.

Tsy miafina, azo ambara fa nisy vokany ny dian-tanan'ireo mpanao politika frantsay ireo amin'ny fianam-pirenena eto mandraka ankehitriny ary mamokatra tsara ho azy ireo olona ampiasainy hatreto. Mametraka ao an-tsain'ny vahoaka Ma-

lagasy koa io fihetsika io, fa ny mpitondra Malagasy sy ny firenena dia mbola manaiky hifamatotra hatrany amin'ny Lafrantsa. Hevit'izy ireo manokana anefa izany, fa tsy hevitra ny vahoaka Malagasy rehetra velively. Anisan'ny adihevitra mandeha ihany koa ao anatin'izany ny amin'ny hoe: nahoana tsy i François Hollande izay filoha alohan'ny faran'izao farafaharatsiny no nantsoiny, raha tsy afaka ny ankehitriny, fa iry efa tany aoriany? Misy antony izany, fa iarahamalahala tsara ny politika frantsay ampiharina eto hatramin'izay.

Sôh'son

FJKM etsy Mahamasina ny alahady izao

Hikatona avokoa ny fiangonana eto Antananarivo sy ny manodidina

Fotoan-dehibe etsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny alahady 20 Janoary 2019 ho avy izao ho an'ny Fiangonan'i Jesoa eto Madagasikara (FJKM). Fanompoampivavahana fitrotoana ambavaka ny taom-piasana 2019 ho an'ny Fjkm, sady fiarahabana ny filohan'ny Fjkm, ny mpitan-drina Irako Andriamahazosa Ammi sy ny anko-honany ihany koa. Amin'

ny 10 ora maraina no hanomboka ny fanompoampivavahana ao amin'ny kianjaben'i Mahamasina amin'io andro io. Hiavaka ihany koa na ny fanamiana, na ny fanafanana ny fotoana amin'io andro io. Efa milamina avokoa ny pitsopitsony samihafa satria tsy hahetsika ireo fitaovana ampiasain'ny fitondrana amin'ny fianianan'i Andry Rajoelina ny Sabotsy alo-

han'io daty io, fa fanaingoana sisa no hatao satria efa nisy ny fifampiresahana teo amin'ny fiangonana sy ny fitondrana. Fotoan-dehibe io ary mbola hanentanany tompon'andraikitra ny rehetra mba ho tonga maro satria hikatona avokoa ny fiangonana FJKM rehetra eto Antananarivo sy ny manodidina amin'io datin'ny 20 Janoary io.

Rajo



TONONKALO
LANONANA HAFAHAF
Ailika tsy hahazo laka Irony tenin'ny baiboly Fa ireny dia tsy zakan' Ny sakaizan'ny devoly ?
Dia miseho fa hoe maranitra Ry zareo ery ambony Ka tsy mila an' Andriamanitra Amin-java-toy itony ?
Horaràna koa ny vavaka (Fa izay no maha "laika" ?) Dia hivarina any an-davaka Izato nosindrazantsika ?
... Aoka ihany hotenenina Sy holazaina am-pahatsorana: Vetivety dia hanenina Ireo nifidy "fozaorana".
Fa tandroka no tsy ampy sisa Entina mba hilazana Hoe hanjary hitombo isa Ny sakaizan'ny satana!
DADAN'i ZINA (14-01-19)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fihonana teo amin'ireo mpitatitra sy ny CUA notarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.



Ny fanamboarana lalana rarivato eny amin'ny Boriboritany faha-4.



Ny fitrohana rano nataon'ny CUA teny Ilanivato.



Ny fanadiovana ny lakandrano tetsy amin'ny Madarail Soarano nataon'ny CUA, ny Samva ary ny Apipa.



NY TENY FIAINANA

Aza samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an'ny namany koa.

Filipiana 2:4



facebook NY VALOSOA

Nitroka rano mihandro amin'ny faritra iva ny CUA



Arp Helisoa : nitroka rano mihandrona amkin'ny faritra iva eto an-drenivohitra ny CUA.

Nawaf Miarintsoa Fandresena : misaotra ny fandraisana andraikitra.

Hanitra Rasolonjatovo : misaotra tompoko, tokony hotrohana toy izao daholo ny amin'ny faritra iva rehetra.

Renaud : misaotra tompoko. Ny canalisation Besarety Antsahakely ihany koa mila asiaina maso azafady. Mankasitraka.

Tolotra Andrian'arivony Rakoton-drazaka : jereo ny permis an'io trano manodidina ireo fa hanaovany fivari-nandrano io sa jerena fotsiny.

Razafindralambo Andrianjafisoa : raha ny fahalalako anie ka tsy manana droit hanao démolition ny commune eh!!!

Tolotra Andrian'arivony Rakoton-drazaka : mandalo tribonaly aloha dia ao aorian'izay afaka mandrava.

Rado Rasamoely : misaotra indrindra am fandraisana andraikitra tompoko. Fanamarihana kely. Misy fivoahany io rano io mankeny an canal Tanime-nabe. Raha afaka sokatsokafana ny evacuation mankeny d amzay solution mateza ilay izy ary mba sokafan'ny APIPA fotsn in canalisation iny ts d oe maharitra tonga d ritra vetivety io. mankasitraka indrindra.

Ihery Andriatsianarina : any amin ny fotony farany ivarian' ny rano no mila diovina sokafana ary avaozina, donc eny amin ny farany indrindra izany. Miakatra tsikelikely niveau io, avaozina tsara ireny siphon ireny ary asiaina filtre genre grillage matevina tsara tsy hidirana ny loto.

Rado Rasamoely : efa ho 30taona no nipetraha teo llanivato ary efa nis foana io tondradrano io. Ary ny evacuation akaiky indrindra dia ny aveo ambanin'ny polisy izay misy bizo iray lehibe mampivarina n ranon'ny atsinanana, ka mandalo eny Ampefiloha Ambodirano ary mivarina amin'ny canal Andriantany.

Malagasy Tia Fihavanana : miaraha tompoko raha hisy ny fandraisana andraikitra izay ho ataony Cua ety @ C3 route du Pape Anosivavaka @ ilay tototra ngeza be mahatonga ny rano tsy mivaoka mahadifotra ( bassin ) an' Andranomahery Ankazomanga dia ny angatahanay manao canal va-

voa ( velomina ilay tatatra) mba ho vahaolana maharitra fa tsy groupe otrzao ...!! Mankasitraka.

Francky Razanadrato : sao de Andry Rajoelina koa lazaina fa nanao an'io kkk, tena miasa ny CUA sy Neny Lalao Ravalomanana.

Tinarivo Miary : mankasitraka ô! ilay telezana eo koa mba jerena azafady fa sao mihotsaka, na vonjimaika fotsiny aza.

Ihery Andriatsianarina : mila hiseho ny rano ao ambany ao an!

Shirley Dorsey : ra tena vonona ny handray andraikitra efa tam maitany no tokony nodiovina ny dale fa tsy dokotera aoriany fahafatesana otran zao.

Donné Rabefitiavana : efa nanao izany fanadiovana tatatra izany foana koa ny 4è Arrondissement tamin'ny maintany fa ny mponina no manary fako foana any anaty tatatra dia tondraka foana rehefa fahavaratra.

Onja Fry Ny Aina : tokony nandray andraikitra ihany koa ianao nefa otm TS mahavita fa manakiana eto fotsiny ... Raha tena vonona ny handray andraikitra ihany koa ny tsirairay dia tokony tsy nanary fako anaty dale.

Kitty Arisoa Elyva : NY FANDRAISANA ANDRAIKITRA VOALOHANY DIA NY TSY FANARIANA FAKO ANY ANATY TATARA.

Ihery Andriatsianarina : ny vaha olana, afaka kelin' ny Jesosy Mamony eo misy siphon tsentina, efa tsy mihodina intsony ilaina curena, ny constructions illicites eny maro dia maro loatra. Fa misaotra anareo izahay mponina llanivato, mankasitraka Tompoko.

Ihery Andriatsianarina : aza tsentsemana ary ny lalana tokony andehanan'ny rano e, izay ihany no vaha olana.

Andriampeno Tiana Raza : mankasitraka ny Cua @fandraisana andraikitra toy izao, mankatelina@fiaraha miasa @Cua.

Rado Rasamoely : Tokon ts eo no ritraina rah toa ka tena handritra an'io. Kely ihan kou n debit an'lay pompe. Ilay moto.pompe be an BNGRC no.tena mahaovoka an'io d directe eo am Tanimenabe no atao. Otran'ny isan'taona. Sad sokafana n canal ivarian'io rano io. Ambany be manko n rano ao am canal amzao.

MPITATITRA SY NY CUA

Hiara-hisalahy ho famahana ny olan'ny fitohanan'ny fifamoivoizana

Manao tohivakana ny fifampiarahabana ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana, etsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely, noho ny fahatrarana ny taona vaovao 2019. Anjaran'ny fianakavian'ny Mpitatitra an-drenivohitra ivondronan'ny: UCTU (Union des Coopératives de Transport Urbain), FMA (Fiterana Mendrika eto Antananarivo), ny VTM (Vondron'ny Taxi Matianiana), ny Mpiavotra fiara efa niasa (Voiture d'Occasion) Antanimbarinandriana, ny Mpitatitra entana ary ny vondron'ny fitaterana isan-karazana manao asa eto an-drenivohitra, no tonga niarahaba nanatanteraka ny adidiny afak'omaly. Ankoatra ny fiarahabana dia maro ny fangatahana avy amin'ireo vondron'ny mpitatitra toy ny fanatsarana ny fotodrafit'asa mahakasika ny fitaterana amin'ny ankapobeny. Talian'izy ireo ny favaovana ny Licence ho loko mavomavo amin'ity taona ity. Voakasik'izay koa ny fitohana lavareny, mahakasika an'izay, vonona hiara-hisalahy amin'ny CUA ny mpitatitra ho famahana izay olan'ny fifamoivoizana izany. Mila hasiam-panamboarana ny



Ny fihanan'ny ben'ny tanàna tamin'ireo mpitatitra eto an-drenivohitra.

toeran'ny Fiara amidy etsy Antanimbarinandriana. Efa tsara ny fiarahan'ny mpitatitra sy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra toy ny fahavitan'ny Bokin'andraikitra momba ny fitaterana ho an'ny Taxibe, izay niarahan'ny roa tonta namolavola tamin'ny taondasa. Mbola ho avy koa ny an'ny taxi manokana. Iza ny dia nahafahana nanasara ny fomba fiasa izay tsy mbola nisy raha tsy tamin'ny filantanan'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana izao. Mangataka ihany koa ireo mpitatitra mba tsy hikilihana ny « Ar-rêts Bus » efa misy. Ny momba ny Gares Routières roa mba hahafahan'ny Taxibe sy ny Taxi manatitra mpanjifa an-kalalalahana, sy ny maro hafa... Tsy niandry ela ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravaloma-

nana rehefa naheno ny fangatahan'ny mpitatitra fa dia omaly alarobia maraina ihany dia efa nisy ny fivorianana nandiniana ireo zavatra maika tena ilain'ny mpitatitra, ka nisy ny solontena avy amin'izy ireo niaraka tamin'ny teknisian'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tamin'ny alalan'ny DTMU: Direction du Transport et Mobilité Urbaine, hamahana haingana ireo maharary ny mpitatitra ireo. Mandeha ny fotoana, hoy ny Ben'ny Tanàna koa mila miasa mafy sy haingana isika. Tsy maintsy voavaha ao anatin'ny fotoana fohy izany rehetra izany ary tsy maintsy manova fomba fiasa isika mba hitsinjovana ny mponina eto Antananarivo Renivohitra, izay soa iombonan'ny Malagasy. Isambilo

Ilanivato Anosipatrana

Nandray andraikitra nitroka rano mihandrona ny CUA

Misy ny olana vokatry ny orana nisesisesy izay naha dibodrano ny lalana sy ny tranon'ireo mponina eny llanivato Anosipatrana, Boriboritany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Vokat'izany, avy hatrany dia nanome toromarika ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, tamin'ny mpiaramiasa aminy ao amin'ny boriborintany faha 4 sy ny mpamonjy voina, hanala avy hatrany ireo rano mihandrona, mba hanalàna fahasahiranana ny mponina. Vonjimaika ihany ny nanesorana io rano be io, fa hisy ny vahaolana maharitra



Ny fitrohana rano nataon'ny CUA teny llanivato.

hataon'ny kaominina, intsony araka ny fanambaràna nataon'ny delegen'ny boriborintany faha 4, Solofo Ramahandrimanana. Nanka-sitraka ihany koa ireo mponina ao an-

toerana izy tsy nikely soroka niara-nisalahy tamin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ny hijerena vahaolana miaraka sy nanampy ara-pitaovana sy olona. Aly

EPP Antsahabe

Nandray andraikitra ny CUA tamin'ny fihotsahan'ny tamboho

Nohon'ny rotsak'orana izay tsapa fa maromaro tato ho ato, dia nitrangana fihotsahan'ny tamboho manamorona ny EPP Antsahabe ao amin'ny Boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ary koa ny sisin'arabe izay mifanila amin'izany tam-

boho izany. Nandray andraikitra avy hatrany ny boriboritany faha-2 manoloana izany tranga izany, tamin'ny fampilazana ireo tompon'andraikitra mahafa toy ny DTP ary ny Sapeur pompier na ny mpamonjy voina, marihina fa mety hitatra hatrany amin'ny fihotsahan'

ny arabe manontolo raha tsy misy fanamboarana haingana. Nanomboka ny alahady teo ny Sapeur pompier no efa niatrana sy niasa teny an-toerana. Marihina fa tsy nisy ny naratra na ny aina nafoty tamin'ity tranga ity. Aly

CUA – APIPA – SAMVA

# Manadio ny "Grand Chenal" ao amin'ny "Madarail" ho fiatrehana ny fahavaratra

Minitra vitsy aorian'ny filatsahan'ny orana dia efa mikaikaika ny mponina eny amin'ireo faritra iva eto an-dRenivohitra amin'ny fiakaran'ny rano maloto. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), misahana ny loza voajanahary na GRC, Josias Rasolondrainibe anefa fa ny fahazaran-dratsy ataon'ireo mponina, izay manary fako any anaty lakan-drano ihany no tena manentsina sy manohintohina ny fikorinan'ny rano. Hita izany taorian'ny fanadiovana ireo lakan-drano tao amin'ny Madarail izay nanomboka ny talata 15 Ja-



Ny fanadiovana ny lakan-drano lehibe ao amin'ny Madarail Soarano.

noary, ka tsy hifarana raha tsy afaka 15 andro eo ho eo, noho ny hamafisan'ny asa. Tsara ny manamarika fa ao amin'ny "Madarail" dia misy ny "Grand Chenal"

izay lakan-drano lehibe hivarinan'ny rano maloto avy any amin'ny Petite Vitesse sy ny manodidina ary mamarina izany any amin'ny lakan-drano'Andriantany. Rehefa

tsentsina izy ity dia tsy mikoriana intsony ny rano, ka izay no mahatonga ny fiakaran'ny rano eny amin'ny faritra Analakely sy ny manodidina. Rehefa vita ny asa fanadiovana dia azo heverina ny fihenana'ny haavon'ny rano eny amin'ireo faritra iva. Ankoatra izay dia hisy ihany koa ny fanadiovana izy ireo ny lakan-drano hafa toy ny eny Ambodin'Isotry, Andranomanalina, Mahavoky ary Besarety sy ny manodidina. Tsy mitsahatra ny manentana ny mponina ny Kaominina mba samy handray ny andraikitra tandrify azy, mba tsy hanary fako any anaty lakan-drano.

Andavamamba

# Tokantrano 5 nasesin'ny jiolahy norobaina

Ny alin'ny talata teo no nisehoan'ny tranga, tokantrano maromaro miisa 5 ao anatin'ny fefy iray etsy Andavamandra, raha ny fitantaran'ireo niharan'ny fanafihana no notafihana sy norobain'ny jiolahy. Nitady volabe ireto jiolahy ampolony mitam-piadiana ireto saingy diso adiresy satria tsy tao amin'ireo tonkatrano ireo no nisy ilay olona nanana izany volabe izany, noteteziny avokoa ny tokantrano rehetra tao hikarohana izany, rehefa tsy nahita izay notadiaviny izy ireo dia ny vola, firavaka ary ireo fitaovana rehetra lafo vidy tao amin'ireo tokantrano no noraofiny, nisy mihintsy ankizivavy kely saika hataon' ireto jiolahy takalonaina, saingy nisy ihany nanam-pahendrena tamin'ireto jiolahy, ka nandresy lahatra ny namany tsy hanao izany. Nandritra ny fanafihana no nisy afaka nampiasa finday ireo tao an-trano niantso ny mpitandro filaminana dia ny polisy miala 500 m tsy lavitra ny toerana, saingy dia tsy nisy afaka namaly ny antso izy ireo. Izany no isan'ny nampalahelo iretsy niharan'ny fanafihana. Mpitandro ny filaminana natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany no miraviravy tanana, mailaka raha handefa baomba mandatsa-drano-maso ny mpitaky ny fahamarinana anefa ireo mpitandro filaminana ireo. Efa nisy ny fitarainana nataon'ireto niharan'ny fanafihana teny anivon'ny mpitandro ny filaminana, ka andrasana ny valin'ny fanadihahana. Ahenoaana trangaana fanafihana mitam-piadiana hatrany ao amin'ity fokontany ity isak'alina.

Aly

Serge

Boriborintany faha-6 (CUA)

# Manohy ny fanadiovana ny tanàna

Toy izay efa natao hatramin'izay dia mitohy ny fanadiovana ny tanàna, ny fanadiovana ny lakan-drano sy ny manodidina amin'izao fotoam-pahavaratra izao eny amin'ny boriborintany faha-6 Ambohimananina, Kaominina Antananarivo Renivohitra raha ny namba-

ran'ny delegen'ny boriborintany, Andriamananjizika Fehizoro. Fanambany efa napetraka io raha ny fanazavany ary mila tohizana hatrany. Momba ny fiakaran'ny vary aloha ankehitriny eny Ambohimananina sy ny manodidina ihany koa dia manentana ny tant-



Ny delegen'ny Boriborintany faha-6, Fehizoro Andriamananjizika.

saha mpamboly ity delegen'ny boriborintany ity mba tsy hanamaina vary eny amin'ny sisin-dàlana satria natao ho an'ny mpandeha an-tongotra ny sisin-dàlana fa tsy natao hanahazam-bary velively akory.

Rajo

Soavina Manjakandriana

# Tanimbary maro ahiana ho faty noho ny rano malotona orinasa

Mitaraina ireo tantsaha mpamboly ao amin'ny fokontany manodidina an'i Soavina, kaominina Ambanitsena, distrikan'i Manjakandriana ankehitriny noho ny rano maloto avoakan'ny orinasa iray ao Ambodi-

rano kaominina Soavina ihany. Misy orinasa mantsy ao an-toerana hoy ny solontenan'ny mponina saingy mamonono ny voly vary ny rano avoakan'io orinasa io. Tsy vitan'izany, fa sady mibodo ny ranon'

ny fambolena any an-toerana ihany koa io orinasa io. Manaitra ny mpitondra fanjakana arak'izany ny tantsaha mpa-mboly any amin'ny faritra iny satria ampolony hektara ao Ambodirano mipaka any

Ambatolampikely no lasibatra vokat'ity rano maloton'ity orinasa ity. Andrasana arak'izany izay fanapahan-kevitra ny fitondram-panjakana hijoro eo.

Rajo



Ny tanànan'Andavamamba eto Antananarivo.

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy sy hafatra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Raha tianao ny tsy hijaly dia aza mamaly faty, fa ny valifaty tsara indrindra dia ny fitiavana sy famelan-keloka. Raha misy tsy zaka dia aleo mivavaka !!! Satria ianareo dia taranaka voafidy ary tia mihaino ny fitarainan'ny Fanahy Masina.

Isan'andro dia mifalia, aza miasa saina amin'izay olona tsy tia. Tsy ho azy ihany akory no hivelomanao eto amin'ity tany ity. Fa Andriamantitra mbola tia anao ka matokia. Mitsikia, izay mihitsy, mitsikia. "Ry malala, aza mamaly ratsy, fa omeo lalana ny fahatezerana; fa voasoratra hoe: Ahy ny famaliana. Izaho no hamaly, hoy Jehovah." (Romana 12:19).

"Miomàna hanao izay mahamendrika eo imason'ny olona rehetra." (Romana 12:17).

"Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia." (Filipiana 4:4)

Lalaina

Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

## SARIITATRA: Tsy mila fivavahana fa manenjika anay ny feon'ny fieritreretany nangalatra



# Mpiandry raharaha

## PHARMACIE DE GARDE

12/01/19 hatramin'ny 18/01/19

- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11 / 033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andra-voahangy prës BOA ex imm Soloprix) 020 22 229 86 / 034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58 / 020 22 545 59 / 034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12

HIRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

firama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118 / 22 250 18 / 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 / 22 357 09

- 1<sup>e</sup> Arrondissement Tsalalàna : 22 280 54
- 2<sup>e</sup> Arrondissement : 22 309 46
- 3<sup>e</sup> Arrondissement : 22 291 30
- 4<sup>e</sup> Arrondissement : 22 280 51
- 5<sup>e</sup> Arrondissement : 22 280 48
- 6<sup>e</sup> Arrondissement : 22 225 52
- 7<sup>e</sup> Arrondissement : 22 291 29
- 8<sup>e</sup> Arrondissement : 22 493 25
- Brigade criminelle : 22 216 78 / 22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-vaovao miseho intelo isan-kerinandro Vidiny: 300 Ar Adresy: lot T 70 Ankadindratombo

**TALEN'NY FAMOAHANA :**  
Rahelisoa A. 034 79 07600

### MPANAO GAZETY

#### Politika:

Isambiko: 033 24 783 65  
Rajo: 033 80 022 53  
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

#### Toe-karena :

Aly : 033 18 382 88

#### Kolontsaina:

Ariz: 034 17 460 53  
Beharo : 032 02 557 89

#### Fanatanjantena:

Lita: 033 41 557 69

#### Mailaka:

gvalosoa@yahoo.com  
**NATONTAN'NY**  
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 862-01-19 Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy azaonina alalina vita soratanana avy amin'ny tompony

# BORIBORITANY FAHA-6 (CUA) Nosoloina lalana rarivato ny lalana « beton » simba

Mitohy hatrany ny fanamboaran-dalana izay ataon'ny ekipa teknika avy ao amin'ny boriboritany fahaenina Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ravan'ny orana ilay lalana natao « beton » natao tao amin'ny fokontany Anosisoa ny alakamisy teo, ka nosoloina « pavé » na lalana rarivato avy hatrany izany. Nisy ny fotodrafitra simba nandritra iny rot-sak'orana nifanesy tamin'ny faran'ny herina-ndro teo iny. Nanao ny ainy tsy ho zavatra ireo mpiasan'ny kaominin'



Ny fanamboarana lalana rarivato teny amin'ny Boriboritany faha-6.

Antananarivo Renivohitra (CUA), manantant-raka ny asa izay nankinina aminy amin'izay fanamboarana-dalana izay. Aly

### Kaominina Ivato

## Manampina ireo lalana misy lavadavaka

Amboarina ny lalana eo an-tampon-tanànan'ny Kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, izay feno lavadavaka amin'izao fotoana izao. Fiaraha-miasan'ny kaominina amin'ny tsy miankina no hahafahana manatanteraka izany asa izany. Tsy mikely soroka arak'izany ny ben'ny ta-

nàna Penjy Randrianarisoa sy ny mpiara-miasa aminy amin'ny fampandrosoana ny tanàna ary tafiditra amin'izany ny fanamboaran-dalana izay imasoan'izy ireo mandrakariva. Manantant-raka ny asa ireo mpiasan'ny kaominina.

Ny fanapenana ny lalana misy lavadavaka eny Ivato. Aly



### Lalam-pirenena faha-44

## Mifanjevo ny fifamoivoizana noho ny faharatsian-dalana

Tsy misy izay tsy mitaraina amin'ny faharatsian-dalana amin'izao fotoana izao, indrindra fa ny mpampiasa ny lalam-pirenena faha-44. Efa manomboka ny ady mafy ho an'ny mpamily noho ny fahalam-an'ny lalana sy ny fitsivalanan'ny fiara vaventy. Nambaran'ireo mpamily fa nanomboka tato ho ato izy io rehefa nijojo ny orana. Efa hita ihany fa tsy maintsy hiafara amin'izao faharatsiana izao io lalana io hoy ihany ireo mpamily, saingy tsy nisy ni-rahahana fa samy variana tamin'ny politika ny rehetra. Sady mamotaka no malama ary feno lavadavaka, hany ka mijaly vao tafavoaka ny fiara indrindra fa ireo mpitatitra. Tsy ny mianatsimo ihany fa na ny mianavaratra aza dia ratsy ihany koa. Vao miala an' Ambatondrazaka dia efa tatazan'ny ao amin'ny kafe ao Feramanga. Mitohy hatrany Angoa izany, izay tsy maintsy irobohana na tiana na tsy tiana. Nambaran'ireo mpampiasa io lalana io fa tsy ireo teboka voalaza ireo ihany no ahitana tahaka izany fa maro. Mitaky fanarenana tanteraka araka izany ity lalam-pirenena faha-44 ity, izay mipaka hatrany Andilamena.

Raoul



Ny RN 44 amin'izao fotoana.

### BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 266


- BL = Bory Loha
- BR = Bory Rambo
- MIV = Mivadika
- MIK = Mikorontana
- Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra
- Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0265)

<b>Mitsivalana</b>	- Angady	- No (Miv) -	Hao	- Efatra
	- Is(a) - Dio	- Fanakao (Miv)	- Nialanay	- If - Imamo
	- Avelony	- Fia (Miv)	- Goaika	- Antsaly
	- Man (Miv)	- Anadahy (Miv)	- Mafy (Miv)	- Foko - lo

### TENY MIFANARAKA N° 266

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

**Mitsivalana**  
 1. Mikaroka - Onjam-peo nasionaly 2. Tolonareo 3. Orneo tanana - Farantenay 4. Fanolorana masina 5. Aoka tsy misy farany - Maneho zavatra tsy marina 6. Sondrotra - Anaty rano 7. Mandoro (BR) - Mampisafidy - Santa 8. Tanterahina 9. Tsinin-teny Atao - Nitsahatra (Miv) 10. Azo eo am-pelatanana - Naoty

**Mitsangana**  
 A. Mpiasa anaty rano B. Mitempo D. Nizara roa - Tampisaka E. Sakoroka - Zava-maraitra (Miv) F. Fafanao G. Mpanoritra (Miv) - Kanto H. Volana fahadimy malagasy I. Renintsonatra mitovy - Bibilava - Ila, iry J. Tsy aloha fa aoriana handatsa - Nify tapaka K. Teny fiangaviana - Hita eo amin'ny fandraiana

### Valiny Teny mifanaraka 0265

<b>Mitsivalana</b>	1 Sakay - Ony (Miv) 2. Lehiby (Miv)	3. Lanonana 4. To - Fary 5. Niantoka	6. Tana - Anjo 7. Eia - Ro - Ana 8. Na - Ireo (Miv) - Or(a) 9. Ahatsopana
	10. Ila - Miv	A. Solontena B. Ialahy D. Kiritona - Al(a) E. Akoa - Ota F. Nay (Miv) - Res(y) 6. Lalo - Maro (Miv) H. Akany (Miv) - (P)py I. Iharena - Ar J. Re - Inona K. Oly - Voaray	



COMMUNE URBAINE  
D'ANTANANARIVO



**RY MPAMILY  
TAXIBE**



**ENY AMIN'NY  
TOERANA  
VOATOKANA  
ISIKA NO MANALA  
SY MANDRAY OLONA**

[www.facebook.com/Cserasera/](http://www.facebook.com/Cserasera/)



Commune  
Urbaine  
d'Antananarivo



**ENTANINA isika  
tsy hanary fako  
any anaty tatatra  
sy lakan-drano**

## FILAZANA MANJO

Amin'ny fotoana sy fanantenana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ary ny fainana mandrakizay no ampandresanay anareo fa ny hafa-malalanay :

**RAZAFIMANANTSOA  
Théos Emile  
Philippe**  
Anthropologue,  
Diakona FPMA Mountrouge-Paris

dia nodimandry ny Alakamisy 07 Janoary 2019 tao Buc (Versailles) teo amin'ny faha 68 taonany.

Hoy :

Ny Zanany : RAZAFIMANANTSOA Cédric sy GOBEAU Marie Alix.  
Ny Namany : ANDRIAMAMANGA Heja Z.

Ny iray tampo aminy :

RAZAFIMANANTSOA Adelson mianakavy  
RAZAFIMANANTSOA Eugene mianakavy  
RAZAFIMANANTSOA Benjamin mianakavy  
RAZAFIMANANTSOA Lucien sy Faraso mianakavy  
RAZAFIMANANTSOA Andrianoro sy Irene mianakavy  
RASOAMANANA Hubert sy Holarisoa mianakavy  
Dr RAZAFIMANANTSOA René sy Dr Lala mianakavy

Ny zanaky ny mpiray tampo aminy  
Ny zafikelin'ny mpiray tampo aminy  
Ny iray tampo amin'ny vadiny (kompokovavy Rasoaliny Zafy Maria  
Ny havany rehetra  
Ny fianakaviana manontolo  
Ny namany ao amin'ny Diaspora malagasy Frantsa, Suisse sy la -Réunion.

Ny fiangonana FPMA Mountrouge-Paris, FJKM Anositato andrefana  
FJKM Betesda Alasora, FJKM Amparihimena-Ambatolampy  
Ny fokontany Amparihimena-Ambatolampy, Ny fokontany Alasora,  
Ny commune Buc (Yvelines) .

Ny razana dia ho tonga eny ivelo ny Alakamisy 17 Janoary amin'ny 3 ora maraina, havantana eny amin'ny irano lot A 90 Alasora (zambady ny FJKM Betesda-Alasora) .

Hiala ao ny zoma amin'ny 12 ora antoandro, herina ao amin'ny FJKM Betesda Alasora hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, alohan'ny hametrakana azy ao amin'ny fasan-drazany ao Alasora ihany .

"Tempo ô, Ankehiviny ny mpanomeponjo dia atafiana an-plafantany avy ny tena!"



[www.facebook.com/Cserasera/](http://www.facebook.com/Cserasera/)